
# Sahanasa 3. Ny Tempoly



Vakio ny 2 Nefia 5:16 ary jereo izay zavatra ianaranao momba ny tempolin'ny Nefita.

- Inona araka ny hevitrao no nahatonga an'i Nefia sy ny vahoakany nanao ezaka goavana mba hananganana tempoly?
- Nahoana araka ny hevitrao ny Tompo no nangataka sy manohy mangataka amin'ny vahoakany hanao fahafoizan-tena hanangana tempoly?

Nilaza izao manaraka izao ny Filoha Russell M. Nelson momba ny tanjona sy ireo fitahian'ny tempoly. Azonao atao ny mijery ilay horonan-tsary hoe "Ny tempoly sy ny fototra ara-panahinao" manomboka eo amin'ny kaodim-potoana 4:27 hatramin'ny 5:55 na mamaky ny fanambarana eo ambany:



Ny tempoly no ivon'ny fanamafisana orina ny finoana sy ny tanjaka ara-panahy satria ny Mpamonjy sy ny fotopampianarany no ampahany manan-danja indrindra amin'ny tempoly. Ny zavatra rehetra ianarana any amin'ny tempoly, amin'ny alalan'ny zavatra rehetra ampianarina any sy amin'ny alalan'ny Fanahy, dia mampitombo ny fahatakarantsika momba an'i Jesoa Kristy. Ireo ôrdônansy ilaina omeny dia mampifamatotra antsika Aminy amin'ny alalan'ny fanekempihavanan'ny fisoronana. Avy eo, rehefa mitandrina ireo fanekempihavanantsika isika dia hotafiany amin'ny heriny manasitrana sy mampatanjaka. Ary endrey fa ho ilaintsika ny heriny amin'ireo andro ho avy.

Nampanantenaina isika fa "raha efa miomana [isika] dia tsy hatahotra." Misy dikany lalina io fanomezan-toky io amin'izao fotoana izao. Nanambara ny Tompo fa na dia eo aza ireo fanamby tsy manam-paharoan'izao andro izao, dia tsy mila mikoa eo anatrehan'ireo fanahiana amin'izao vanim-potoana izao ireo izay manorina ny fotony eo amin'i Jesoa Kristy, sy nianatra ny fomba fisintonana ny heriny. (Russell M. Nelson, "Ny tempoly sy ny fototra ara-panahinao," *Liahona*, nôv. 2021, 93–94)

- Inona no manaitra anao amin'io teny nambaran'ny Filoha Nelson io?

- Amin'ny fomba ahoana no mahatonga ny fankanesana any amin'ny tempoly hanampy anao hanorina tsara kokoa ny fototra iorenanao eo amin'i Jesoa Kristy? Afaka mizara zavatra iray niainanao ianao raha nieritreritra ny hanao izany.

- Ahoana no fomba nitondran'ny tempoly fahasambarana lehibe kokoa taminao na tamin'ny olona iray fantatrao?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved.

PD60013873_654_085-teacher_handout-3